ce 18/02/25
3ème PV
CRA n°20

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

## REPOBLIKA FAHAEFATRA

## FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

## FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA TAONA 2024

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION
----------------
SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES
----------------

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

**LAHARANA FAHA-20**

**FAMELABELARANA NATAON'NY « FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT (FID) » MIKASIKA NY TETIKASA ARA-TSOSIALY FIAHIANA SY FIAROVANA NY MPIARA-BELONA MAREFO IANDRAIKETANY SY IREO MPIARA-MIASA AMINY « PRESENTATION DU PROJET FILETS DE SECURITE ET DE RESILIENCE PAR LE FID »**

Fivoriana faha-10
Natao ny
Alarobia 20 Novambra 2024
- Atoandro -

# FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa SOAFILIRA Princia
- Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory: 32 ; tsy tonga: 131 ; voaalatsiny: 00

**FOTOANA:** Alarobia 20 Novambra 2024, tamin'ny 10 ora sy 45 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Famelabelarana nataon'ny "Fonds d'Intervention pour le Développement (FID)" mikasika ny tetikasa ara-tsosialy fiahiana sy fiarovana ny mpiara-belona marefo iandraiketany ireo sy ny mpiara-miasa aminy na "Présentation du Projet Filets de Sécurité et de Résilience par le FID".

Nitohy ny Alarobia 20 Novambra 2024, tamin'ny 10 ora sy 45 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa TOKELY Justin, Filoha no nitarika izany.

Rehefa niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.
Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, ny tenany ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.
Nohamarihan'Andriamatoa Filoha, fa ity tetikasa ity dia fiaraha-miasa eo amin'ny fitondram-panjakana sy ny Banky Iraisam-pirenena manomboka amin'ity taona 2024 ity ka hatramin'ny taona 2027. Hiparitaka amin'ny Faritra 23 eto Madagasikara ny tetikasa ary tokantrano miisa 1 177 000 no hisitraka izany. Entina hanohanana sy hanamaivanana ny fahasahiranan'ny olona tena marefo ara-pivelomana no antony.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa efa tonga ato amin'ny efitrano fivoriana ireo tomponandraikitra avy amin'ny FID (Fonds d'Intervention pour le Développement) sy ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina ary ny solotenan'ny BNGRC, INSTAT ary ny PAM (Programme Alimentaire Mondial).

Taorian'ny fiarahabana nataon'Andriamatoa Filoha azy ireo, nomena an'Andriamatoa RAZAFINDRATOVO Falison, Tale Jeneraly Mpisolo toerana ao FID ny fitenenana mba hamelabelarany ny asa sahanin'ny FID sy ny fifandraisana arak'asa ary ny andraikitra misy eo amin'izy ireo.

Nambarany tamin'izany fa misy tokoa ny fiaraha-miasa eo amin'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina amin'ny fanatanterahana ny tetikasa. Nomarihany fa ny Minisitera no manara-maso ary ny FID kosa no manatontosa ny asa eny ifotony.

Rehefa izany, nomeny an'Andriamatoa RIVOMANANA Tsarahita Ghisbert, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina, ny fitenenana amin'ny maha karazana tompon'ny tetikasa ny Minisitera.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina, nitondra teny fialan-tsiny avy tamin-dRamatoa Minisitry ny Mponina sy ny Firaisankina, ny tenany satria mbola lasa namita iraka any Mahajanga Ramatoa Minisitra ka izay no tsy nahafahany manatrika izao fivoriana izao.

Taorian'izay, toy izao no fanazavana nentin'Andriamatoa RIVOMANANA Tsarahita Ghisbert, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina: ny tetikasa haratonaina dia tetikasa an'Andriamatoa Filohampirenena. Araka ny voalazan'Andriamatoa Filoha teo dia manomboka amin'ity taona 2024 ity ka hatramin'ny taona 2030 no faharetany. Marihana fa efa nisy ankohonana marobe nisitraka an'izany tetikasa haratonaina izany teto Madagasikara nanomboka ny taona 2016.

Tamin'ity taona 2024 ity, niakatra ny fanampiana nomen'ny mpamatsy vola iraisam-pirenena dia ny Banky Iraisam-pirenena izany ary nitarina ho amin'ny Faritra 23 no hisitraka ny tetikasa raha toa mbola tsy nisy an'izany teo aloha.

Ny mpiara-miombon'antoka amin'ny tetikasa dia ny: PAM, ny UNICEF, ny INSTAT ary ny BNGRC. Izy ireo no miara-miasa amin'ny fanatanterahana ny fiahiana ara-tsosialy eto Madagasikara. Ny Minisiteran'ny Mponina anefa no voatondron'ny Governemanta hitondra izany tetikasa izany manerana ny Nosy. Izany hoe, ny Minisitera no mandrindra sy manara-maso ny tetikasa, fa ny FID kosa na ny "Fonds d'Intervention pour le Développement" no mpanatanteraka eny ifotony. Tsara ho fantatsika Solombavambahoaka fa izay no rafitra misy amin'izao tetikasa izao.

Ny andraikitra goavana andrasana amintsika Solombavambahoaka any ifotony dia manara-maso sy manampy ny Governemanta, indrindra mitondra sosokevitra izay hita fa tokony hanatsarana ny tetikasa any an-toerana. Anisan'izany ihany koa, ny baiko nomen'ny Filohampirenena izay misy teboka telo lehibe. Voalohany amin'izany ny fijerena ny mahaolona. Tsara ho fantatra fa mitentina "250 Millions de Dollars" ny vola amin'izany tetikasa haratonaina eto Madagasikara izany.
Manampy amin'ny fanatanterahana ny tetikasa araka ny voalaza teo ny PAM izay mandrindra ny ara-tsakafo, ny UNICEF izay misahana ny zaza ary ny BNGRC manampy amin'ny fanarenana sy fanampiana ny mpiara-belona rehefa misy ny loza voajanahary.
Fantatra, fa aorian'ny loza, tafiditra ao anatin'ity tetikasa ity ny asa fanarenana, toy ny fanarenana sekoly, fanamboarana lakandrano sy ireo zavatra mety ho simba aorian'ny fandalovan'ny rivo-doza. Ny BNGRC no tena manana andraikitra goavana amin'izany.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firasiankina, Andriamatoa RAZAFINJATOVO Falison Tale Jeneraly Mpisolo toerana ao amin'ny FID, nambarany fa miara-miasa amin'ny Minisiteran'ny Mponina tokoa ny FID amin'ny fanatanterahana ny asa araka ny voalaza tany aloha. Ny Minisitera no manome toromarika ho an'ny FID, hoy ny tenany. Izany hoe, mifampiankina tanteraka izahay sy ireo mpiara-miasa rehetra voatanisa teo ireo, toy ny UNICEF, PAM, INSTAT ary ny BNGRC.

Taorian'ny fanampim-panazavana nentin'Andriamatoa Tale Jeneraly Mpisolo toerana ao amin'ny FID, nomen'Andriamatoa Filoha, an'Andrimatoa RAZAKATOANINA Achille, Tale misahana ny "Activités Réponses Crises, Sauvegarde et Partenariat (DRCSP)" ao amin'ny FID indray ny fitenenana, ka toy izao no nambarany:
Fanazavana momba ny tetikasa fiahiana ara-tsosialy sy fiarovana ny mpiara-belona marefo izay nanomboka ny taona 2016 ka hatramin'ny taona 2023 lasa teo no hasiana teny. Hampafantarina ihany koa ny fandaharana ny tetikasa manomboka amin'ity taona 2024 ity ary hifarana amin'ny taona 2030. Hita ao anatin'izany ny lafiny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny tetikasa.

Voalohany, ny vokatra azo tamin'ny fampivoarana amin'ny lafiny mahaolona ary fanamafisana ny tetikasa "Mihonjo".

Mikasika ny fandaharan'asa amin'ny fiahiana ara-tsosialy, zaza malagasy miisa 170 000 no afaka nianatra tamin'izany. Rehefa natao ny tomban'ezaka, lasa nazoto nianatra ny ankizy ary niakatra hatrany amin'ny 90% ny tombana natao. Nahatratra 80% tamin'ireo dia vehivavy avokoa ary izy ireo no nahazo tohana avy tamin'ny fandaharan'asa notanterahana. Izay no nahafahana nampitombo ny toerana sy anjara andraikitry ny vehivavy eny anivon'ny fiaraha-monina misy azy.

Nanangana "Crèche mobile" koa isika na karazana Akanin-jaza azo afindrafindra, ka nahatratra 92% no vokatra azo tamin'ny fampiharana an'io Ankanin-jaza io. Rehefa natao ny fanadihadiana tamin'ny faran'ny tetikasa, nahatratra 912 ny mpisitraka no nampihatra ny fampianarana natao ary nandray tantsoroka tamin'ny fanatsarana ny fiainam-pianakaviana koa izy ireo. Zava-dehibe tokoa ny nananganana an'ireo Ankanin-jaza ireo satria 5 127 no isan'ny fikambanana nisitraka ny fampisakafoanana ankizy. Marihana fa anisan'ny tetikasa mbola miroborobo io Ankanin-jaza io amin'izao fotoana izao.

Eo amin'ny lafiny fambolena sy fiarovana ny tontolo iainana, mahatratra 60%-n'ny mpisitraka no mampihatra ny teknika vaovao nampianarina azy ireo. Ny 90%-n'ny mpisitraka no nampiasa ny vola azony satria nandray tambin-karama izy ireo nandritra ny fotoana nanajariana ny tany, ka velaran-tany 1 100 ha no voatondraka sy nahazo rano izay nitondrana fanatsarana ny fomba fiasa mba hahazoana vokatra tsaratsara kokoa.

Teo amin'ny lafiny fambolen-kazo, nahatratra 6 230 000 no isan'ny zanakazo novolena tamin'ny velaran-tany mirefy 2 300 ha. Nomena lanja manokana tamin'izany ny fambolena zanakazo fihinamboa sy karazan-kazo "biomasse".

Mikasika ny tetikasa hatao amin'ity taona 2024 ity ka hatrany amin'ny taona 2030 kosa, marihana fa famintinana tsotsotra ihany no entina eto amintsika ka anisan'izany ny asa fanarenana sy ny fanatanterahana fotodrafitrasa izay tohin'ny "filets sociaux de sécurité" teo aloha. Ahitana tetikasa vitsivitsy ao anatiny; misy ny asa avotra mirindra sy ny tetikasa vatsin'ankohonana, ny fiavota ary ny vonjy voina rehefa misy ny loza voajanahary araka ny voalaza tany aloha.

Mitentina "250 Millions de Dollars" ny famatsiam-bola azon'ny Governemanta Malagasy nanomboka ny taona 2023 ka hatramin'ny taona 2027.

Raha ny Malagasy hisitraka ny tetikasa dia tokantrano miisa 1 177 000 no hovoakasik'izany. Vinavinaina ho tokantrano miisa 5 585 610 anefa izany no histraka azy mandrapifaran'ny tetikasa. Eo amin'ny ampahadimin'ny tokantrano novinavinaina hisitraka azy raha ampitahaina amin'ny isan'ny Malagasy. Ny vola ho azon'izy ireo amin'izany dia mahatratra 31%-n'ny fandaharan'asa voalohany.

Mikasika ny fandaharan'asa faharoa izay vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola hatrany ary fantatra amin'ny anarana hoe "Tsimbina" dia "50 Millions de Dollars" no hampiasaina amin'izany. Amin'ity taona 2024 ity no hanatanterahana ny fandaharan'asa ary hifarana amin'ny faha-31 Desambra ho avy izao. Mahatratra 657 000 ny ankohonana hisitraka izany manerana ny Nosy ary ny "décaissement" amin'izao fotoana itenenana izao dia mahatratra 32%.

Misy koa tetikasa fanomezana ny "kit solaire" manerana ny Nosy, "1,5 Millions de Dollars" no tetibidiny ary efa nanomboka tamin'ny volana May lasa teo izany. Eritreretina hifarana amin'ny volana Jona 2025 ny tetikasa ary fianakaviana miisa 440 000 eo no eritreretina hisitraka an'izany.

Misy tetikasa iarahana amin'ny UNICEF ihany koa, izay antsoina hoe "Zara Mira", ka fanomezana ho an'ny fianakaviana manan-janaka mbola mianatra no hisitraka izany. Mitentina "3,6 Millions de Dollars" ny famatsiam-bola izay marihana fa efa nanomboka tamin'ny taona 2022 ary hifarana amin'ity taona 2024 ity. Mbola mitohy ny tetikasa ka fianakavina miisa 31 200 no mpisitraka ary raha olona no resahana dia miisa 156 105 no hisitraka izany. Eo amin'ny 77% eo ny "décaissement" amin'izao fotoana izao.

Eo ampanomanana tetikasa mitodika manokana amin'ny fanabeazana sy fampianarana ny tovovavy ary ny ankizy vavy ihany koa isika amin'izao fotoana izao. Hisy koa ny fampananan'asa ny tanora sy ny vehivavy eto Madagasikara. Mitentina "180 Millions de Dollars" ny famatsiam-bola ho azo amin'izany. Efa nanomboka ny tetikasa ary hifarana amin'ny taona 2030.
Marihana fa vao haingana no nampandalovina teto anivon'ny Antenimierampirenena ny momba azy io.

Mikasika ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ataon'ny mpamatsy vola dia ny Banky Iraisam-pirenena sy ny UNICEF mpiara-miasa aminay ao anaty tetikasa, izay no lohahevitra manaraka.
Misy ny fanaraha-maso anatiny sy fanaraha-maso ivelany ataon'ny "Conseil d'Administration"-n'ny FID. Any amin'ny tranokalan'ny FID no ahitana izany, misy koa ao amin'ny tranokalan'ny Minisitera izay miara-misalahy aminay. Amin'izao fotoana izao, misy ny fanaovana petadrindrina any amin'ny Fokontany sy eny anivon'ny Kaominina amin'ny filazana ny zava-bita sy ny mbola hatao.

Ny manaraka dia ny fiaraha-miasan'ny FID amin'ireo Minisitera isan-tsokajiny. Manana fifanaraham-piaraha-miasa amin'ny Minisiteran'ny mponina izahay, ao ihany koa ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, ny Minisiteran'ny Fambolena, ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana, ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny mpitadro filaminana.

Momba ny “mesure d’accompagnement” na ny tantsoroka. Varavarana misokatra ihany ireny “transfert mobile money” ireny, fa ny tena tanjona dia ny fampivoarana ny mahaolona. Izany hoe, hanatsarana ny fari-piainan’ny olona mpisitraka ny tetikasa. Hita ao anatin’izany ny fanaovana tahirim-bola, ny resaka fahasalamana. Anisan’ny zava-dehibe ireo satria raha ohatra ka mandritra ny 1000 andro voalohany ka tsy mbola misy zavatra vita dia fotoana very fotsiny raha toa tsy misy an’izay tantsoroka atao mialohan’ny fotoana izay.

Nisaotra an’ireo tomponandraikitra tao amin’ny FID tamin’ny fanazavana nomeny, Andriamatoa Filoha, taorian’izay ary nanambara fa misy tokoa rafitra maromaro miara-miasa amin’ny FID araka ny fanazavana teo, toy ny PAM, UNICEF, BNGRC ary ny INSTAT, koa raha misy fanazavana fanampiny tokony hataon’ireo rafitra ireo, mbola omena fitenenana hanao izany ry zareo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa MAMADOU Mbaye, solotenan’ny PAM (Programme Alimentaire Mondial) miasa sy monina eto Madagasikara, tamin’ny teny vahiny no nanaovany izany, ka Andriamatoa RAPANOELINA Mamisoa, miandraikitra ny Fiahiana ara-Tsosialy ao Amin’ny PAM no nandika izany tamin’ny teny Malagasy, ka toy izao no nambarany:

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.
Miarahaba ny Solombavambahoaka rehetra manatrika izao fihaonana atao miaraka aminay mpiara-miasa amin’ny FID izao ny tenanay.

Raha lazaina amin’ny teny tsotra, nanomboka tamin’ny taona 1968 ny PAM no niasa teto Madagasikara. Amin’izao fotona izao ny PAM dia anisan’ny tetikasa iray lehibe an’ny” Nations Unies” eto Madagasikara sy manerana an’izao tontolo izao mihitsy aza, indrindra amin’ny fiatrehana ny loza voajanahary sy ny fahasahiran’ny mponina tratran’ny korontana ao amin’ny firenena misy azy. Matetika ny famatsiana sakafo ara-pahasalamana no ataony izay iarahana amin’ny UNICEF sy ny OMS ihany koa.

Raha mikasika ny PAM eto Madagasikara, ny fandaharan’asa lehibe ataony dia ny fanampiana an’ireo sokajin’olona marefo tratran’ny fasahiranana mikasika ny fiovaovan’ny toetr’andro, tahaka ny haitany any Atsimo, ny rivodoza.
Misy ihany koa ny asa ataon’ny PAM mikasika ny fampisakafoanana any an-tsekoly, ka zaza mpianatra miisa 400 000 any amin’ny sekoly miisa 450 manerana an’i Madagasikara no nisitraka an’izany. Singanina ny mikasika an’io fampisakafoanana zaza any an-tsekoly io satria ny PAM dia miara-miasa amin’ny pamokatra eny ifotony mba hamatsiana an’ireny fampisakafoanana any an-tsekoly ireny.

Tamin’ny volana Martsa tamin’ity taona 2024 ity, tany “Rome” dia nakantoavin’ny “Conseil d’Administration du PAM” ny “Plan stratégique” taona 2024-2028 niaraka tamin’ny Governemanta Malagasy sy Andriamatoa MAMADOU Mbayé. Vola mitentina eo amin’ny “628 Millions de Dollars” eo izany ho an’i Madagasikara mba hanatanterahana ireo asa hosahanin’ny PAM eto amintsika.
Natao izany mba hiahiana an’ireo olona tratran’ny loza na ireo olona marefo. Ao anatin’izany ny fanampiana ny vehivavy bevohoka, fanampiana hialana amin’ny tsy fanjarian-tsakafo ho an’ny zaza madinika.

Ny farany kosa, fiaraha-miasa amin'ny mpisehatra rehetra mikasika ny fanampiana ireo sokajin'olona marefo eto Madagasikara amin'ny alàlan'ny fizaram-bola na ny "transfert monétaire".

Taorian'izay, rehefa avy nisaotra an'Andriamtoa MAMADOU Mbaye, tamin'ny alàlan'ny mpandikateny, Andriamatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fametraham-panontaniana ny Solombavambahoaka ary nomarihany fa tsy tokony hiala amin'ny lohahevitra araka ny voalaza eo ambony ny fandraisana fitenenana.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIANARY Thierry Didier, nohamafisiny fa tokony hiaraha-hiasa amin'ny Solombavambahoaka tokoa ny FID araka ny nomarihan'ny tomponandraikitra teo.

Mikasika ny tetikasa Tsimbina, nisy tokoa izany tany amin'ny Distrikan'i Toamasina II, saingy ny olana, ny olona tokony hisitraka izany dia tsy nahazo na inona na inona, indrindra ny olon-dehibe mihoatra ny 80 taona. Izany hoe tokony hilana fanatsarana ny fitantanana ny tetikasa.

Fanampin'izay, raha mandefa olona hanao fanadihadiana any amin'ny Distrika misy anay ianareo, tokony hampahafantarina mialoha ny Solombavambahoaka amin'ny zavatra hatao any an-toerana amin'izay mirindra ny asa hotanterahina.

Andriamatoa IMBIKI Herilaza, kosa nisaotra ny Birao Maharitra amin'ny fahatanterahan'izao fihaonana amin'ny tomponandraikitra momba ny asa ara-tsosialy izao. Ny antony, ilain'ny Solombavambahoaka tokoa ny fanaovana azy satria hisy fiantraikany amin'ny vahoaka any amin'ny Distrika nahavoafidy azy ny tetikasa.

Raha ny Distrikan'i Sainte-Marie manokana no resahana, hatraminy taona 2016 nisian'ny tetikasa ka hatramin'izao dia nisitraka an'izany hatrany. Noho izany, isaorana ny tompondnraikitra amin'izay zavatra izay.

Ny iangavian'ny Solombavambahoaka, aleo hasiana fanatsarana hatrany ny fitantanana ny tetikasa amin'izay ny olona tokony hisitraka azy no iantefany mivantana.
Voalohany amin'izany, ny famaritana ny olona tokony hisitraka ny tetikasa Tsimbina satria sarotra ny mamaritra azy. Ny antony, ny be antitra no aleo hisitraka izany fa tsy ny tanora taty amin'ny taona 2000 izay matanjaka sy afaka mitady vola.

Faharoa, mampiasa saina ny Solombavambahoaka mihitsy ny hoe: ahoana no hahatonga ity tetikasa ity mba ho ny olona tena marefo no hisitraka azy amin'izay afaka miala amin'ny fahantrana tanteraka ireo sokajin'olona ireo.

Andriamatoa RATOLOJANAHARY Arsène, kosa nanamarika fa raha jerena ny fandraisam-pitenenana teo, hita fa niverina indroa ny fomba fitarainana mikasika ny tetikasa, indrindra ny fomba fitantanana azy any ifotony. Raha ny Distrika nahavoafidy azy manokana, hoy izy, matetika no voaantso ny tenany noho ny fanilikilihana ataon'ny olona hafa an'ireo tokony hisitraka ny tetikasa.

Fanilikilihana ara-politika mihitsy no misy, ka izay no antony tokony hisian'ny fanaraha-maso mba ahafahana mamantatra hoe iza no tomponandraikitra any ifotony misahana ny tetikasa. Indraindray koa, mihoa-pefy ny zavatra ataon'ny Ben'ny Tanàna sasany, ka izay no ilana ny fanaraha-maso araka ny voalaza teo. Ny antony, mahazo fitarainana hatrany ny Solombavambahoaka amin'ny sivana ataon'ny mpitantana ny tetikasa any ifotony.

Andriamatoa MAMINIRINA Jolce Emilien, kosa nanamafy ny voalazan'ny namany teo aloha dia ny fiaraha-miasa sy ny fomba fanaraha-maso ny tetikasa izany.
Nomarihany koa fa ny Solombavambahoaka no mahafantatra ny zava-misy any aminy. Raha azo atao, aleo omena asa ny olona no sady omena vola. Izany hoe, hafa kokoa raha sady miasa ny olona no mandray vola aorian'ny asa vitany. Tokony hisy koa fiaraha-miasanareo amin'ny Minisiteran'ny Atitany satria izy no akaiky kokoa ny Fokontany misy ny tetikasa. Notsindriany koa fa ny Solombavambahoaka dia vonona hifanome tànana amin'ny fanapariahana ny tetikasa mba hialana amin'ny fitarainan'ny olona tokony hisitraka izany.

Andriamatoa MARINDRY Rasolohery Andry Chrinssant indray, nanambara fa ombany manana ny tenin'ireo namany teo aloha mikasika ny olona misedra olana amin'ny fisitrahana ny tetikasa any ifotony. Vao roa andro monja no nisian'ny toe-javatra ohatran'izany tany amin'ny Distrikan'i Marovoay. Rehefa nitranga ny olana, nanatona ny Tale Rejionalin'ny Mponina tany Mahajanga ny tenany nilaza izany. Nambaran'ny ity farany fa na izy tomponandraikitra aza tsy nahalala ny fisian'io olana io. Izany hoe, na ny tomponandraikitra any an-toerana aza tsy nahafantatra akory ny fidinan'ny FID tany ifotony tamin'izay fotoana izay. Mitovy amin'ny voalazan'ny namana teo, tokony hampahafantarina mialoha ny Solombavambahoaka raha misy fidinana ifotony mba ahafahana manara-maso ny fitantanana sy ny olona tokony hisitraka ny tetikasa. Izany hoe, ny olona tena marefo.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, kosa nanambara fa saika mitovy avokoa ny fitarainana misy any amin'ny Disitrika tsirairay avy.

Momba ny "protection sociale" indray, ny tanjona amin'ny tetikasa araka ny voalazan'ny tomponandraikitra ao amin'ny FID teo dia ny hahafahan'ny olona tena marefo hiavotra amin'ny fiainany na hahaleotena amin'ny fivelomana. Tokony hojerena akaiky ireo sokajin'olona ireo ary hasiana fanaraha-maso mba hahazoana vokatra tsara sy hipaka any amin'izy ireo.

Tokony hampiana koa ny isan'ny teknisiana mampiofana any ifotony, toy ny fanofanana momba ny fambolena sy fiompiana satria ireo tantsaha ihany no mifanofana ka tsy ahazoana vokatra tsara ny zavatra ataon'izy ireo.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Désiré kosa, nisaotra an'Andriamatoa Filohampirenena satria raha ny Distrikan'Antananarivo IV no jerena; maro ny fotodrafitrasa vita sy izay mbola hatao eny aminy.

Toy ny namana teo aloha, betsaka ny fitarainana voarain'ny Solombavambahoaka momba ny tetikasa, ka miezaka mitondra an'izany eto amin'ny Antenimierampirenena izahay mba hampahafantarina anareo. Raha ny fahitana azy, ny Filohan'ny Fokontany no tomponandraikitra voalohany eny ifotony.

Izany hoe, mety misy olona tsy tiany ao amin’ny Fokontany iadidiany dia tsy ataony ao anaty lisitra na mifanohitra amin’izay, misy fianakaviana iray na vitsivitsy mamy hoditra aminy dia ireny no mahazo fanampiana sy misitraka ny tetikasa. Tsy mety raha izany no zava-misy. Izay no antony ilazana fa tokony hisy fiaraha-miasa amin’ny Solombavambahoaka rehefa hanatanteraka ity tetikasa ity ianareo.

Andriamatoa RANDRIAMASINORO Tahiry Ny Rina kosa, nanontany hoe aiza avy no toerana misy ny “intervention” amin’ny tetikasa hatao sy ny mpisitraka izany satria tsy mazava ny vokatra azo avy amin’ny tosika atao amin’ny vahoaka.

Manana “projet” ankoatra ity resahana eto ity ve ny FID sa tsia, taloha mantsy maro ny tetikasa nataonareo teto amintsika. Mbola mitohy ve izy ireny sa nivadika tetikasa hafa mihitsy amin’izao fotoana izao.

Andriamatoa ANDRIAMOSA Benjamina Avotraina Rajaobelina Mary Thomasson, nanambara fa marina daholo ny voalazan’ny Solombavambahoaka namana teo. Amin’ny maha tomponandraikitra anay, hoy izy, raha mety, mangataka ny lisitr’ireo olona nisitraka ny tetikasa mba ahafahana manara-maso izay mbola tsy nisitraka. Manamafy ny tenin’ny namana teo ihany koa amin’ny tokony hilazana mialoha amin’ny olom-boafidy rehefa hidina eny ifotony ianareo.

Andriamatoa ROKOTONIRINA Richard Joseph, kosa nanamarika fa tsy vaovao aminy raha ny PAM satria efa ela no niasa tany amin’ny Distrika misy azy.
Raha ny fizarana nataony, Kaominina miisa 6 no nahazo fanampiana avy amin’ny PAM kanefa Kaominina miisa 18 no ao Amboasary. Marihana hatrany fa ianjadian’ny tsy fanjarian-tsakafo izy rehetra ireo. Eo anatrehan’izay, mangataka ny hijerena an’ireo Kaominina miisa 12 ambiny ireo satria, atahorana hifindra monina any amin’ny Kaominina hafa mahazo fanampiana ny mponina tsy mahazo an’izany.
Misy koa olona efa ao anaty lisitra kanefa tsy misitraka ny tetikasa, izay no ilazana fa hisy ny mpifindra monina ka vao mainka hahantra hatrany ny vahoaka. Hiteraka olana izay zavatra izay raha toa tsy arenina haingana dia haingana ny fomba fiasa.

Manarak’izany, momba ny “partenaire” miara-miasa amin’ny FID, ireo olona mpanao “ciblage” izany; misy ny fizarana fanampiana ataony ho an’ny mponina. Ny zavatra tsapa, mitranga ny kolikoly ary araka ny voalazan’ny namana teo, tsy mahazo ny olona tokony hisitraka ny tetikasa. Tsy mitoroka azy ireo izahay, fa mahita matoa afaka milaza izany sady azo avoaka ny porofa raha ilaina izany. Ny tiana ambara, mila fanatsarana ny fomba fiasa. Isaorana anefa ny FID amin’ny vola fanampiana zarainy amin’ny Mpampianatra amin’izao fotoana izao, izay mitentina 120 000 Ariary isan’olona. Ezaka vita izany ka misaotra anareo tomponandraikitra ary mirary ny hitohizan’ity tetikasa ity satria tena manampy ny olona marefo ny fisiany.

Amaranana ny fitenenana, miangavy ny PAM sy ny FID mba hatao haingana ny fanomezana fanampiana amin’izao fotoana izao satria tena efa sahirana ny vahoaka Malagasy.

Andriamatoa RAMANATANANA Roméo Christophe kosa nanambara fa tsara ny zavatra ataon'ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao ka tokony tsy hatsahatra intsony satria tena manampy ny vahoaka sahirana ny fisiany.

Araka ny voalazan'ny namana rehetra teo, tokony hasiana "mesure d'accompagnement" mba hoentina hanatsarana ny fomba fitantanana ny tetikasa. Izany hoe, atao hentitra ny fanaraha-maso ny olona tokony hisitraka ny tetikasa.
Mangataka ihany koa ny hananganana ny fikambanan'ireo olona marefo hatao anisan'ny mpanara-maso ny mpisitraka ny tetikasa mba hialana amin'ny kolikoly mety hiseho.

Andriamatoa RAHOLIJAONA Harison kosa, nanamafy ny fisaorana an'ireo mpiara-miombon'antoka izay miara-dàlana hatrany amin'ny fitondram-panjakana amin'ny fiaraha-miasa sy fitondrana vahaolana amin'ny fanampiana ny olona sahirana eto amintsika.

Raha azo atao, manolotra sosokevitra izahay hoe: aleo hamafisina ny fanaovana "visite à domicile" ataon'ny tomponandraikitra eny ifotony. Ny antony, amin'izay fotoana izay no tena hahafantarana ny sokajin'olona marefo sy ny olana mahazo azy ireo. Fanampin'izay, manao filazana mialoha amin'ny fitsidihana hatao satria mety mbola mikarakara ny fivelomany izy ireo ka lasa ho tafiditra ao amin'ny olona tsy hisitraka ny fanampiana indray. Izany hoe, olana azo sorohana ny tsy fisitrahan'ny sokajin'olona sasany ny fanampiana tokony ho azony raha mifampiresaka mivantana aminy.

Misy Kaominina miisa 20 ao Tsiroanomadidy, rehefa natao ny fanadihadiana, ny Kaominina Andrenivohitra ihany no tsapa fa mahazo an'ity fanampiana ity. Mitaraina noho izany ireo Kaominina Ambanivohitra satria tsy misitraka ny fanampiana izy ireo. Ny tiana holazaina, tokony hojerena akaiky ny fitsinjarana ny fanampiana isaky ny Kaominina.

Raha nilaza ianareo teo fa 60% no tahan'ny nahazo fisitrahana amin'ny tetikasa. Ny fahitana azy anefa tsy izany, fa latsak'izay. Inona no fomba ahafantarana fa izay tokoa no tahan'ny fisitrahana satria tsy manana antontan'isa izahay hatramin'izao.

Momba ny tetikasa lazaina fa ho tapitra amin'ny volana Desambra 2024 ho avy izao; raha nanao "évaluation" ianareo dia nanambara fa 32% no efa vita. Mbola ambany io taha io ka tokony hiezaka ihany mba ho betsaka ny olona hisitraka ity tetikasa iray madiva hifarana ity.

Andriamatoa RANDRIAMANANTENA Stipio indray nanambara fa mitovy amin'ireo namana nandray fitenenana teo ihany ny fitarainana azony. Manoloana izany, sosokevitra no atolotra amin'ny tokony hanaovana petadrindrina eny amin'ny Fokontany ny anaran'ny olona mpisitraka ny tetikasa.

Manarak'izay, mikasika ny laharam-pahamehana amin'ny asa atao amin'ity tetikasa ity eny ifotony. Misy fotodrafitrasa tokony hampihena ny fasahiranan'ny mponina amin'ny toerana na Fokontany iray kanefa any amin'ny toeran-kafa no anaovana ny asa. Ohatra amin'izany, nisy lavadrano natao tany amin'ny Distrikan'i Vohemar, toerana tsy tokony ho nanaovana azy no nametrahana izany. Tsindriana etoana, tahaka ny namana teo aloha, mila fanaraha-maso akaiky ny fanatontosana ny tetikasa.

Ho an'Andriamatoa RAKOTONIAINA Lova Andrien Marie kosa, nambarany fa manaiky ny Solombavambahoaka fa maro ny olona sahirana amin'izao fotoana izao na eo aza ny ezaka ataon'ny fitondram-panjakana. Isaorana an'Andriamatoa Filohampirenena izany ezaka atao hanalana ny fahasahiranam-bahoaka izany.

Mikasika ny asa ataon'ny FID, mangataka ny hamerenana aminy ny fanampiana amin'ny fanorenana fotodrafitrasa izay efa nataony teo aloha raha mety satria ilain'ny vahoaka ny fananana ireny fotodrafitrasa, toy ny sekoly sy ny hopitaly ireny.

Manolotra sosokevitra koa izahay, hoy ny tenany, amin'ny tokony hizarana fitaovana mba hahafahan'ny olona mivelona sy hialany amin'ny fiankinan-doha lava amin'ny hafa intsony fa tsy hiantehitra amin'ny fanampiana tahaka izao fotsiny.

Mangataka ny hijerena ny fomba hanarenana ireo fotodrafitrasa simban'ny rivodoza satria aleo manarina toy izay mamboatra vaovao indray.

Mbola fitovian'ny fitarainana azon'ny Solombavambahoaka amin'ny fitantanana ny tetikasa no nanombohan'Andriamatoa RAMILISON Andriamampionona Nomenjanahary, ny fitenenany. Ohatra amin'izany, ny zava-niseho tao amin'ny Distrikan'i Faratsiho, nisy ny fizarana vola mitentina 150 000 Ariary ho an'ny sokajin'olona marefo. Tsy ratsy ny fizarana izany saingy samy manana ny fijeriny ny olona. Misy milaza fa tsara ny fisian'ny fanampiana, ao ny miteny fa tsy mankasitraka satria tsy hiasa ny olona fa hiandry fanampiana, ao no milaza fa resaka politika io fanampiana io. Noho izany, sosokevitra no atolotra; aoka mba tsy ho vola no hozaraina amin'ny manaraka, fa fomba hafa tena hanala ny fahasahiranan'ny vahoaka no atao, indrindra any ambanivohitra.

Andriamatoa RATOLOJANAHARY Arsène kosa nanambara fa miisa 7 ny Kaominina ao amin'ny Distrikan'i Midongy Atsimo; ny 3 tamin'ireo tsy nisitraka ny fanampiana avy tamin'ny tetikasa. Ny Kaominina 4 azo lazaina fa mba tsaratsara fiainana noho ireo 3 ireo indray no nisitraka izany. Tamin'ireo Kaominina miisa 4 nahazo indray, ny olona tena sahirana no tsy nisitraka ny fanampiana. Rehefa voaray ny fitarainana dia nifampiresaka tamin'ny tomponandraikitra misahana ny tetikasa izahay. Ny valin-teny azo tamin'izany dia tsy afaka mankany amin'ireo Kaominina ireo ny PAM sy ny UNICEF rehefa tsy misy "accès" ahafahana mandeha any. Izay no antony tsy ahazoany fanampiana. Izany hoe, mila fanatsarana ny fitantanana satria ho faty ny vahoaka tena sahirana any amin'ny toerana tsy misy làlana mba hamatsiana azy ireo. Noho izany, manao antso avo amin'ny tomponandraikitra izahay mba hamaha an'izay olana izay faran'ny haingana sao ho maro ny faty olona any an-toerana ka vao mainka hitombo ny fahasahiranana.

Andriamatoa BARINIAINA Fidy indray, nankasitraka ny fitondram-panjakana nanao an'izao tetikasa izao satria tena ilain'ny vahoaka ny fisiany amin'ny fanampiana azy amin'ny fiainany andavan'andro mba hanala ny fahasahiranany.

Ho an'ny Distrikan'i Manjakandriana manokana, nisy tetikasa nantsoina hoe mirindra; tamin'izany mbola Ben'ny Tanàna ny tenanay. Nantsoina daholo ny Ben'ny Tanàna rehetra nanolorana ny tetikasa. Nisy masontsivana napetraka tamin'izay ary mbola nantsoina daholo ihany koa ny olona nisitraka sy ny tsy nisitraka ny tetikasa.

Nohazavaina tamin'izy ireo ny antony nisitrahany sy tsy nisitrahany ny tetikasa. Ny tiana holazaina, tokony homena fiofanana sahaza azy ny vahoaka amin'ny alàlan'izao tetikasa izao satria ho fampivoarana ny fiainany no anton'ny tetikasa. Atao ihany koa ny fanahara-maso ny fampiharana ny fiofanana amin'izay tena mipaka any aminy ny vokatr'izany ka hitondra fivoarana ho azy ireo.

Taorian'izay, nisaotra ny Solombavambahoaka nanao fanamarihana sy nitondra ny fitarainan'ny vahoaka momba ity tetikasa nampahafantarina teto androany ity, Andriamatoa Filoha ary nanambara fa tapitra ny fandrasaim-pitenenan'ny olom-boafidy.

Nomarihany fa nisy sosokevitra natolotry ny Solombavambahoaka momba ny hitondrana vahaolana haingana amin'ny famahana ny olana izay mampitaraina ny vahoaka isaky ny Distrika tsirairay amin'ny fisitrahana ny tetikasa any ifotony.

Rehefa izany, nomeny ny fitenenana ny solotenan'ny FID sy ny mpiara-miombon'antoka mba hamaly ny teny nataon'ny Solombavambahoaka teo.

Andriamatoa RAZAFINDRATOVO Falison, Tale Jeneraly Mpisolo toerana ao FID no nandray ny fitenenana voalohany. Fisaorana an'Andriamatoa Filoha, tamin'ny fanomezam-pitenenana no nanombohany izany.

Fisaorana ny Solombavambahoaka nanome sosokevitra ihany no nataony taorian'izay.
Nomarihany fa miisa 17 teo izy ireo no nandray fitenenana sy nanolotra sosokevitra. Voalohany tamin'izany, ny mikasika ny fisafidianana ny olona sy ny toerana hanaovana ny tetikasa. Manarak'izay, ny fanatsarana ny fitantanana ny tetikasa satria maro ny fitarainana azo mikasika izany.

Manao "mise en œuvre"-n'ireo "activités" no anjara andraikitry ny FID amin'ity tetikasa ity satria araka ny fantatry ny rehetra, fandaharan'asan'ny Governemanta izao tetikasa izao. Marihana etoana fa tsy volan'ny FID no ampiasaina amin'ny tetikasa, fa volan'ny fitondram-panjakana. Izany hoe, vola nifanarahany tamin'ny mpamatsy vola hoentina hanatsarana ny fari-piainan'ny vahoaka eny ifotony mba hampivoatra ny fiainan'izy ireo. Izay no tanjona amin'izao fanatanterahana ny tetikasa izao.
Marihana ihany koa, fa ny ankabetsahan'ny asa tontosain'ny FID amin'izao fotoana izao dia miompana amin'ny fiahiana ara-tsosialy na ny "protection sociale"; ao anatin'izany asa ataony izany anefa, misy ihany ny fananganana fotodrafitrasa na "infrastruture" izay simban'ny rivodoza.

Ny manaraka, mikasika ny "ciblage"; ny voalohany ao anatin'izany dia ny "ciblage géographique". Ny Minisiteran'ny Mponina, ny Banky Iraisam-pirenena ary ny FID no anisan'ny mijery an'izany araka ny fanadihadiana atao any ifotony. Resaka "statistique" no iaingana amin'izay zavatra izay ary misy kajy avoaka avy amin'io "statistique" io. Ohatra ny "taux de pauvreté" entina amaritana ny toerana tokony hisitraka ny tetikasa. Iarahana amin'ny teknisiana ny fanaovana izany ary tsy maintsy ankatoavin'ny mpamatsy vola sy ny Minisiteran'ny Mponina. Aorian'izay ny FID vao manatanteraka ny asa eny ifotony araka ny zava-misy. Ohatra azo raisina ohatra amin'izany ny Faritra Atsimo satria any no matetika itondrana fanampiana. Ny antony, anisan'ny Faritra tena sahirana ara-tsakafo iny toerana iny.

Tsy izay ihany no mahazo ny mponina any Atsimo, fa eo koa ny fahambonian'ny "taux de pauvreté", ny "taux de malnutrition", ny "insécurité alimentaire" sy ny maro hafa izay mihatra amin'izy ireo. Noho izany, betsaka ny fikambanana miasa any Atsimo satria izay zavatra mitovy tamin'ny voatanisa teo ireny no iaingana amin'ny fametrahana tetikasa any amin'ny toerana iray. Misy koa ny fijerena ireo ankohonana tena marefo, ka anjaran'ny FID no mamantatra ny sokajin'olona tokony hisitraka ny vatsin'ankohonana ohatra. Ny antony, nisy niteny teo fa ny be antitra tsy nahazo fanampiana mihitsy. Zavatra tahaka izay no tokony hovahana haingana sy tokony hosorohana amin'ny fanatanterahana izao tetikasa izao.

Ny masontsivana ampiharina amin'ny fahazoana vatsin'ankohonana kosa, olona sahirana sady manan-janaka mianatra no kendrena voalohany. Ny tanjona amin'ny fandaharan'asa dia ny hitazonana ny ankizy hianatra ary fampirisiana ny Ray aman-dReny hampiditra ny zanany hianatra ihany koa. Tsy maintsy ampiana ny olona mba hahafahany mampianatra ny zanany na dia sahirana ary atao izay hahatafidirany ao anaty masontsivana.

Momba ny tetikasa tsimbina indray, manao "auto inscription" na misoratra anarana eny amin'ny Fokontany izay mahatsiaro ny tenany fa sahirana. Mandeha ny fisafidianana aorian'izay hoe iza avy no tokony hisitraka ny fanampiana. Atao ny fanadihadiana mba ahafahana mandahatra ny mponina ao amin'ny Fokontany hoe iza no sokajin'olona tokony hisitraka sy tsy hisitraka ny fanampiana. Aorian'izay, mandalo fankatoavana any amin'ny "comminautaire" ary avy eo vao mivoaka ny lisitra farany ho an'izay mpisitraka. Misy hatrany anefa fitarainana azonay momba ny lisitra navoaka. Amin'izay fotoana izay, jerena ary azo esorina izay olona tsy tokony hisitraka ka ampidirina kosa ny olona tokony hisitraka ny fanampiana. Izay no antony ilazana fa ilaina ny fiaraha-miasan'ny rehetra.

Marihana fa amin'izao fotoana izao, efa miroso amin'ny fanaovana "registre social unique" ny Minisiteran'ny Mponina mba hisorohana io fitarainana io. Toerana maro no efa nampiharana izany ary afaka mampiasa avy hatrany an'io "registre social unique" io izay efa manana izany, fa tsy manao "ciblage" intsony. Marihana koa fa hatao isaky ny Distrika sy ny Kaominina io "registre" io ato ho ato.
Arak'izany, azo raisina foana ny fitarainana hatramin'izao; na ny amin'ny tetikasa tsimbina na ny vatsin'ankohonana na amin'ny asa avotra mirindra na koa ny resaka fotodrafitrasa. Misy ny laharana maitso azo andraisana ny fitarainana dia ny laharana 950 an'ny FID izany. Azo atao ihany koa ny fanaterana mivantana ny fitarainana eny amin'ny masoivoho misahana ireo fandaharan'asa ireo any amin'ny Distrika sy Kaominina. Izany no natao dia mba hoentina hanatsarana ny fitantanana ny tetikasa.

Mikasika ny sosokevitra natolotrareo Solombavambahoaka, voaray daholo izy ireny satria araka ny voalaza teo, hoentina hanatsarana ny tetikasa izany. Nisy ny nilaza fa tokony homena asa ireo mpisitraka fa tsy omena vola. Tsindriana etoana, fa ny fanomezana vola dia fomba fanao tsy mety aminay loatra. Ny tanjona anefa, iny vola omena iny dia toy ny varavarana fidirana ao anaty fiahiana ara-tsosialy ihany mba hahatonga ny olona ho afaka miatrika ny fiainany. Amin'izay fotoana izay, afaka mivoatra sy mahavelon-tena ny ankohonana tsirairay. Marihana fa izay no nahatonga ny fampiatoana fanampiana ho an'ireo izay nisitraka izany hatramin'ny taona 2016 satria efa nivoatra teo amin'ny fiainany ireo sokajin'olona ireo.

Raha ny toerana misy ny FID sy ny tetikasa ataony kosa, araka ny fanazavana tany ambony, angamba efa voavaly izy ireny, ao ahatra ny “filet de securité et de résilience” izay voalaza teo. Misy koa ny fandaharan’asa ahafahan’ny vehivavy mahaleotena amin’ny fiainany izay apetraka any amin’ny Faritra 23. Hisy ny fizarana fitaovam-pianarana izay hatao atsy ho atsy. Miato aloha ny fizarana zavatra amin’izao satria mbola fotoanan’ny fampielezan-kevitra isika.
Hisy ny fandaharan’asa hapetraka isaky ny Faritra mikasika ny “résilience climatique” hiarahana amin’ny CPGI, ka amin’ny taona voalohany, amin’ny taona 2025 ho avy izao izany dia fandinihana sy fanadihadiana no hatao; mbola horesahana amin’ny fotoana manaraka ny momba izany.

Mikasika ny hoe maninona ny FID no tsy manao sekoly sy “barrage” na tetezana intsony amin’izao fotoana izao satria izay no nahafantarana azy taloha. Fandaminana misy eo amin’ny Governemanta izany, fa ny anjara asan’ny FID dia fanarenana aorian’ny lova voajanahary izay iarahana amin’ny BNGRC. Ny anton’ny fiaraha-miasa amin’ity farany, satria izy no mahalala ny toerana nandalovan’ny rivodoza sy niharam-boina mivantana. Ny fanarenana atao amin’izay fotoana izay dia miainga amin’ny fangatahana avy any ifotony. Izany hoe, avy any amin’ny toerana nitrangan’ny voina no anaovana fanampiana mivantana; ohatran’izay koa ny fanampiana ataon’ny sampana avy amin’ny firenena mikambana na ny HCT. Izany hoe, any amin’ireny toerana nolalovan’ny rivodoza ireny no ampiana avy hatrany, mety hisy ny asa tagnamaro, mety hisy ny fanampiana amin’ny alàlan’ny “transfert monétaire”. Ho fanampiana ny olona, omena vola izy ireo hividianany izay zavatra ilainy andavan’andro. Mbola mitohy ny asa amin’izao fotoana izao. Raha tamin’ny herin-taona sy tamin’ity taona ity no lazaina, nahatratra 256 no isan’ny fotodrafitrasa natsangana tany Mananjary, Manakara ary Fianarantsoa. Marihana efa vita daholo ireo ary amin’ny manaraka mbola vonona hatrany izahay satria mandalo eto Madagasikara foana ny rivodoza.

Mikasika ny lisitry ny sokajin’olona mpisikatraka ny tetikasa; somary manahirana ihany satria ny zavatra momba ny olona iray dia azo lazaina fa “confidentiel”. Izay no antony tsy anomezana ny lisitra sady voaaron’ny lalàna koa izany ary tsy mbola nanolotra izany tany amin’ny mpamatsy vola izahay.
Amin’ny resaka hoe olona tahaka an’iza no azo atao ao anaty lisitra, ao koa ny manontany ny isan’ireo olona mpisitraka ny fanampiana sy ny tetikasa any amin’ny Distrikany na isaky ny Kaomininany. Ireny kosa azo omena satria tsy misy “donnée personnelle” ao anatiny. Indraindray kosa misy olona mampiasa amin’ny zavatra tsy tokony hampiasaina azy izy ireny; ohatra, ny “publicité” na amin’ny zavatra hafa. Izay no antony mahatonga ny fiarovana ny zon’ny tsirairay amin’ny tranga tahaka ireny.

Momba ny firaha-miasa, nisy fizarana karinem-pokontany niarahana tamin’ny “projet Prodigy” ary hotanterahina koa ny “registre social unique” izay hanamorana ny “ciblage”. Amin’izay fotoana izay, tsy misy intsony ny “enquêteurs” fa io rejisitra io ihany dia efa mahasolo azy ireny. Ny olana nisy tamin’ny resaka “ciblage” dia izahay ihany no nanangana ny komitin’ny fiahiana ara-tsosialy ary ny tomponandraikitra rehetra tao an-toerana no noraisina tao anatiny, toy ny Talen-tsekoly, ny Filoham-pokontany. Ny antony, izy ireo no noeritreretina fa mahafantatra ny mponina ao aminy. Nitranga ny olana teo satria ny Malagasy misy foana ny olona tia kely saingy misy kosa toerana hafa, vita antsakany sy andavany ny fitsirihana ny mpisitraka ny tetikasa any amin’ny toerana nanaovana ny fitsirihana.

Mikasika ny “taux de décaissement”-n’ny tetikasa tsimbina teo, ialana tsiny fa nisy fahadisona, tsy 34% no izy fa 72% no tahan’izany.
Ny tetikasa tsimbina amin’izao fotoana izao, efa vita ny fizarana ho an’ny mpisitraka ary 637 000 no isan’ny nahazo fanampiana hatreto. Vitsy no isan’ny olona mbola tsy nahazo sy Faritra tsy nahavitana izany; ohatra, ny Faritra Melaky.
Misy koa anefa fanampiana ho an’ireo olona mbola tsy nisitraka izany hatao eto Antananarivo ary tsy maintsy vitaina mialohan’ny farany taona ny fizarana satria ho tapitra amin’ny volana Desambra 2024 izao ny tetikasa tsimbina araka ny voalaza tany aloha. Izany hoe, tokony hahatratra 100% ny tahan’ny fizarana amin’ny faran’ity taona ity.

Momba ny fiankinan-doha, marina ny voalazan’ny rehetra nandray fitenenana teo. Araka ny vina napetrak’ity fitondram-panjakana ity dia hiezaka isika mba hialana amin’ny fanampiana tsy ankijanona, indrindra ho an’ny vehivavy. Homena fiofanana izy ireo, ka rehefa mahazo an’izany ry zareo dia mety hahavita hanangana orinasa madinika ho an’ny tenany. Amin’izay fotoana izay, ho mora aminy ny hitady vola ary ho afaka amin’ny fiankinan-doha izy ireo. Azony atao koa ny mikambana amin’ireny “Association Villageoise d’Epargne et de Crédit” ireny ary amintsika miteny izao, efa mitentina iray milliara mahery ny vola voatahirin’ny fikambanana sasany. Ny tanjona dia mba hahafahan’ny fikambanam-behivavy mivoatra sy manatsarana ny fari-piainan’ny ankohonany.

Taorian’izay, fisaorana ny rehetra naharitra nihaino azy no namaranan’Andriamatoa Tale Jeneraly Mpisolo toerana ao FID ny teniny. Toarak’izany koa, fisaorana no natolotr’Andriamatoa Filoha azy ary nomena an’Andriamatoa Tale Jeneralin’ny Minisiteran’ny Mponina sy ny Firaisankina ny fitenenana raha mbola misy hanampiany izay voalaza teo.

Toy izao no nambaran’Andriamatoa RIVOMANANA Tsarahita Ghisbert, Tale Jeneralin’ny Minisiteran’ny Mponina sy ny Firaisankina: mankasitraka ny Solombavambahoaka amin’ny fanehoana fiaraha-miasa araka ny voalaza teo. Ny itondrana izay teny fankasitrahana izay dia noho ianareo olom-boafidy akaikin’ny vahoaka sady solotenan’izy ireo ihany koa. Voaray daholo ny sosokevitra entina hanatsarana ny fitantanana ny tetikasa, tahaka izay koa ny toromarika tokony hatao eny ampanatanterahana ny asa.

Mikasika an’izay tetikasa izay ihany; raha ny resaka fiahiana ara-tsosialy eto Madagasikara no jerena dia mizara roa mazava tsara, misy ny antsoina hoe fiahiana ara-tsosialy tsy misy latsakemboka ary misy ny antsoina hoe fiahiana ara-tsosialy misy latsakemboka. Ny misy latsakemboka dia any amin’ny CNaPS sy OSTIE, ny tsy misy latsakemboka kosa, atỳ amin’ny Minisiteran’ny Mponina no mandrindra azy. Izay no antony mahatonga ireny fanampiana ireny miseho amin’ny endriny samihafa.
Amin’izao fotoana izao, ny Fokontany no manatsokajy toy ny a,b,d, ny olona tokony hisitraka fanampiana araka ny voalazan’ny Filohampirenena tamin’ny lahateny nataony 2 na 3 taona lasa izay. Izany hoe, ireo sokajin’olona tena marefo no omena haraton’aina. Atao amin’ny alàlan’ny asa avotra mirindra, vatsin’ankohonana na “cash transfert” ny fanampiana omena azy ireny.

Araka ny tenin'ny Solombavambahoakan'i Manjakandriana teo, ny asa avotra mirindra dia natao ho an'ny olona manana fahalalana avy amin'ny fandraisany fiofanana ara-pambolena na fiompiana. Amin'ny tapany faharoa amin'ity haraton'aina ity, 50% mihoatra no tahan'ny asa avotra mirindra, fa ny "cash transfert" kosa nahena.

Raha tamin'ny taona 2016 no nanomboka ny fanampiana, nanao tombana izahay tamin'ny taona 2023 ka hita sy tsapa fa izay nisitraka ny "cash transfert" dia tsy nahitana fahombiazana loatra ny vokatra azo. Ho an'izay nampihatra ny asa avotra mirindra kosa, tena mifanohitra amin'izany.
Ny "système d'évaluation" nampiasa tamin'izany dia naka "béneficiaires temoins" na olona nisitraka ny tetikasa izahay; natao ny fampitahana, teo no natsapana fa nahitana fahombiazana kokoa ny asa avotra mirindra. Izay no nahatonga ny fitondram-panjakana nanapakevitra hoe aleo omena sehatra kokoa ny asa avotra mirindra satria nahitana vokatra tsara. Manasa anareo Solombavamvahoaka handeha eny ifotony mba hanao fanadihadiana momba izany raha azonareo atao.

Ny hafatra avy amin'ny Minisiteran'ny Mponina kosa, aoka mba tsy hatao am-bava ny fitarainana fa atao an-tsoratra daholo amin'izay mba haingana ny fahazoana azy. Fanampin'izay, mba ahafahana manao tatitra sy manatsarana izay tokony hatao amin'ny fitantanana ny tetikasa. Azo alefa any amin'ny solotenan'ny Minisiteran'ny Mponina amin'ireo Distrika miisa 120 ny fitarainana dia ampiakariny any amin'ny Minisitera rehefa avy eo. Dinihana izany dia ho hita eo izay hatao. Ny zavatra tsapa hatreto, tsy sahy mitoroka ny mpiray tanindrazana isika. Tokony hialana anefa izay tsy fahasahiana izay satria manimba antsika.
Ao amin'ny Minisiteran'ny Mponina, misy sampana iray afaka manampy ny olona tsy mahay manoratra kanefa te-hanao fitarainana an-tsoratra amin'ny zavatra mahazo azy. Ny FID ihany koa dia mahazo "directive" avy atỳ amin'ny Minisiteran'ny Mponina amin'ny maha "coordinateur" azy, mijery ny toerana nahazoana fitarainana dia atao ny fiaraha-miasa aorian'izay. Manentana antsika Solombavambahoaka ihany koa mba hanampy anay amin'ny fahitana ny tsy fahatomombanana eny ifotony mba hiara-hiasa isika hisorohana izany toe-javatra izany.

Mikasika ny "ciblage", tsorina fa amin'ireo fitarainana azon'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Filoham-pokontany mihitsy no misompatra satria raha ny "manuel de procédure" dia izy no tafiditra voalohany amin'ny ratsa-mangaikan'ny fitondram-panjakana, avy eo ny CPS na ny "Comité de la Protection Sociale". Voatsindrin'ny Filoham-pokontany ny CPS ka lasa manao ny tsy fanao indraindray.

Marina ny voalaza teo fa tsy ampy tokoa ny fampitam-baovao voarainareo olom-boafidy; kanefa manana "assistant parlementaire" tokony hanatrika ny fivoriana atao eny ifotony ianareo na ianareo mihitsy no manatrika izany miaraka amin'ny CPS sy Filoham-pokontany. Voaray ny fitarainana, raisina ho fanatsarana ary hampitaina any amin'ny Talem-paritry ny Minisitera izany. Izany hoe, tokony hiantso ny Solombavambahoaka na solotenanareo rehefa misy zavatra hatao eny ifotony.

Tsarovy araka ny voalaza teo, ny fitondram-panjakana dia efa mieritreritra hanatsara an'io resaka "ciblage" io. Fanampin'izay, amin'ny taona 2025 ho avy io, hapetraka eto amintsika ny atao hoe "registre social unique". "Base de données" lehibe mihitsy izy io. Izany hoe, hisy fanatsarana ny fitantanana rehetra. Raha miresaka fiahiana ara-tsosialy eto Madagasikara isika, tokantrano no resahana fa tsy ny isam-batan'olona. Harafitra ao anaty "base de données" iray lehibe ny isan'ny tokantrano eto Madagasikara hialana amin'ny fikasohana mivantana, hialana amin'ny kolikoly eny ifotony. Iarahana amin'ny INSTAT ny fanaovana an'io "registre social unique" io ary avy eo miara-miasa aminay izy ireo, miara-miasa amin'ny Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ihany koa.
Amin'izao fotoana izao koa, atao ny fizarana karinem-pokontany satria misy ifandraisana amin'ny "registre social unique" izany. Ny antony, ao amin'ny karinem-pokontany no hanasokajiana ny isan-tokantrano eto amintsika. Araka ny vinavinan'ny INSTAT amin'izao fotoana izao, miisa any amin'ny 5 500 000 tokantrano isika eto Madagasikara amin'ny taona 2025. Rehefa ampiharina io "registre social unique" io, mino isika fa tsy hisy intsony ny fanaovana "ciblage" saingy tsy maintsy jerena ny "taux de pauvreté" isaky ny tokantrano. Mbola ny INSTAT ihany koa no hamoaka an'izay. Izany hoe, ara-tsiantifika ny "données" mivoaka ao ary azo hamarinina amin'izay fotoana izay, afaka mikirakira azy koa ny rehetra. Ianareo Solombavambahoaka amin'izay fotoana izay dia afaka manao "vérification" ny zavatra rehetra ao aminay satria ao anatin'io "base de données" io daholo no ahitana izany.
Rehefa hangataka "base de données" ianareo Solombavambahoaka dia miresaka amin-dRamatoa Minisitra sy ny lehibentsika izahay; aorian'izay, manao fangatahana ao amin'ny Minisiteran'ny Mponina ianareo. Ao aminay dia misy ny atao hoe "Direction des Systèmes d'Information", hojeren'io "Direction" io ny fomba hanomezana ny "données" ho anareo. Koa manentana anareo mba hanatona ao amin'ny Minisiteran'ny Mponina raha te-hahazo an'izany. Fanampin'izay, izahay koa manana ny "Direction Générale de la Solidarité" izay misahana manokana ny haraton'aina, izy no afaka manome fanampim-panazavana raha toa mbola mety misy hetahetanareo olom-boafidy mikasika ny tetikasa hatao.

Taorian'izay, fisaorana an'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina, tamin'ny fanampim-panazavana nentiny no nataon'Andriamatoa Filoha, sady mbola nanome fitenenana ny solotenan'ny BNGRC koa ny tenany.

Fisaorana an'Andriamatoa Filoha, tamin'ny fanomezam-pitenenana no nataon'ny Jeneraly RAMANANTSOA Gabriel voalohany ary taorian'izay, nitondra ny teny fialan-tsiny tamin'ny tsy fahatongavan'Andriamatoa Tale Jereralin'ny BNGRC ny tenany satria mbola namita iraka any ivelany ity farany, ka izy no misolotena azy.

Nomarihany fa fanampim-panazavana ihany no hataony satria efa voalazan'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Mponina teo ny momba ny fiaraha-miasa misy amin'ny BNGRC sy ny FID.

Mikasika ny fanaovana fotodrafitrasa any amin'ny toerana misy ny tsirairay dia ny BNGRC no mpandrindra ankapobeny momba izany mialoha sy mandritra ary aorian'ny fandalovan'ny loza voajanahary. Ao aminy avokoa no misy ny antontan'isa rehetra mikasika ny vokatry ny fandalovan'ny rivodoza iray, raha izay no andraisana ohatra eto. Aorian'izay koa, misy ny fangatahana ataontsika avy eny ifotony amin'ny fanamboarana fotodrafitrasa, toy ny hopitaly, trano sekoly sy ny hafa.

Araka ny voalaza tany aloha, misy ny fifanarahana ataon'ny BNGRC sy ny FID izay miompana tanteraka amin'ny "activités de renforcement de la résilience", ny "réhabilitation et reconstruction des infrastructures communautaires de base". Isika any ifotony no manao ny fangatahana na ny "Collectivités" na isika Solombavambahoaka na ny solotenam-panjakana, toy ny Lehiben'ny Distrika. Alefa atỳ aminay ny fangatahana ny hanamboarana ireny fotodrafitrasa ireny, izahay ato amin'ny BNGRC no manamarina amin'ny alàlan'ny antontan'isa satria misy tokoa ny fotodrafitrasa nosimbain'ny rivodoza ka tsy maintsy arenina. Manao "lettre de saisine" mankany amin'ny FID izahay ary izy no mijery ny "faisabilité" momba ny asa tokony hatao. Ohatra amin'izany ny tany Mitsinjo, Ambato Boeny, Marovoay; efa ho roa taona lasa izay, nisy fahavakisan'ny fefiloha dia namboarina izany. Araka ny efa voalaza teo, ny fifanarahana atao dia arakaraky ny zavatra miseho any an-toerana. Ohatra, raha any amin'ny 5km na 10km any ny fahasimbana, mety efa ho asan'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy izany, fa raha mety ho asa vitan'ny ACT dia azo jerena ny fanamboarana ny fotodrafitrasa. Raha goavana kosa ny fahavoazana dia tsy maintsy mandray an-tànana ny Minisitera. Tahak'izay ny fiaraha-miasa misy eo amin'ny FID sy ny BNGRC mikasika ireo fanarenana ny fotodrafitrasa simba aorian'ny fandalovan'ny rivodoza.

Fisaorana ny rehetra tamin'ny fihainoana ny fanampim-panazavana nomeny no namaranan'ny Jeneraly ny teniny.

Fisaorana koa no nasetrin'Andriamatoa Filoha izany ary nanambara ny tenany fa raha misy fangatahana fihaonana ataon'ny Solombavambahoaka aminareo tompondraikitra, tokony tsy hisalasala amin'ny fandraisana ny olom-boafidy izy ireo. Ny antony, hita fa matotra ny fanatanterahana ny tetikasa araka ny fanazavana teo. Amin'izay fandraisanareo ny olom-boafidy izay ihany, mety hisy fomba ahafahana manatsara hatrany ny fitantanana sy ny "mise en œuvre"-n'ireny fandaharan'asa maro samihafa ireny.

Isaorana ianareo nanaiky tonga teto amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena nitondra fanazavana sy ny tsara ho fantatra rehetra momba ny tetikasa. Isaorana ihany koa ny Solombavambahoaka namana niatrika sy nandray anjara tamin'ny adievitra natao teto; tahaka izany koa ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy ny teknisiana ato amin'ny Antenimierampirenena.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha. Koa rahampitso Alakamisy 21 Novambra 2024 amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera hatao amin'ny "salle BP" mikasika ny "Projet de loi n°023/2024 autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au Programme Régional de Préparation aux situations d'urgence et d'Accès à une Reprise Insclusive (REPAIR)- Programme Séquence Phase I, signé le 09/08/2024 entre la la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement IDA". Hivory amin'izany ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Fanaraha-maso ny Politikam-panjakana ary ny Vaomiera'ny Lalàna.

Amin'ny 3 ora, tolak'andro, ao amin'ny "salle BP" ihany, hisy ny asam-baomiera handinihana ny "Projet de loi n°020/2024 du 16/10/2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au Financement du Projet "Accroître la résilience au changement climatique des petits exploitants bénéficiant des services du programme de chaînes de valeur agricoles inclusives (DEFIS+), conclu le 31 Juillet 2024 entre la République de Madagascar et le Fonds International de Dévelopment Agricole (FIDA). Hivory amin'izany ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fiompiana, ny Vaomieran'ny Fanarahamaso ny Politikam-panjakana, ny Vaomieran'ny Lalàna.
Fanentanana ny Solombavambahoaka havitrika hamonjy an'ireo asam-baomiera ireo no namaranany ny fitenenana.

Niato tamin'ny 1 ora sy 20 minitra, tolak'andro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

**TOKELY Justin**